

ce 20/06/24
Sel PV
✓
ORA 100 296
LFR 2024
Bm 2
56



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-296

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-012/2024 TAMIN'NY 21 MEY 2024 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2024.

Fivoriana faha-5
Natao ny
Alatsinainy 10 Jona 2024
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien

FOTOANA: Alatsinainy 10 Jona 2024, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 Mey 2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024.

Nitohy ny Alatsinainy 10 Jona 2024, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena mpisolotoerana no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle.

Nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Filoha, rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana.

Nomarihany fa tokony ho androany maraina sy anio tolak'andro no hanatanterahana ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 Mey 2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024 raha ny fandaharam-potoana no jerena. Raha vita amin'izao tapak'andro maraina anefa izany dia tsy hisy intsony ny fivoriambe anio tolak'andro.

Taoran'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, ny tenany mba hamaky ny tatitra momba ny Volavolan-dalàna.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa TSARADIA Marco, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Zoma 7 Jona 2024, tamin'ny 3 ora, tolak'andro sy ny Sabotsy 8 Jona 2024, tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ary ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 Mey 2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2024.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
3. TSARADIA Marco
4. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
5. FIENENA Richard Désiré
6. HENRI Jean Michel
7. BAVY Angelica Michèle
8. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
9. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
10. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
11. RIVOTIANA Jean Bosco

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
2. RANDRIANASOLO Augustin

Tsy nisy tonga nivory ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana.

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana: Andriamatoa RAKOTOSON Hubert

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|-----|-------------------------------|------------------|
| 1. | RAMANAMPANO HARANA Andry | SG/MEF |
| 2. | RASAHAVELO | DGCF |
| 3. | RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 4. | FIARANIRINA Maximiliène | DB/SSB |
| 5. | RANJAVOLOLONA Julie | DGARMP |
| 6. | GERMAIN | MEF/DGI |
| 7. | RATOVONDRAONA Herinantenaina | DGI/DBIRA |
| 8. | RANDRIANIRINA Hanitra Olivia | DGT/DE |
| 9. | RAHARIJAONA Renaud | CABINET |
| 10. | RANDRIANJAKA Volatantely | CAB/CM |
| 11. | RANDRIANOELY Herilala | DGD/DSD |
| 12. | RANAIVOSON Andotiana | DB/Coordonnateur |
| 13. | RAKOTOJAONA Haja | DB/SSB |
| 14. | RAHARISON Thierry | DGD/DLV/SLR |
| 15. | AIMAMINIRINA Eric | DGD/DLV/SLR |
| 16. | RAZAFINDRAKOTOSON Ifaliantsoa | MEF/DGT/DE/SSAE |
| 17. | RAKOTOBÉ Harilalaina Tahina | DGT/DE/SSAE |
| 18. | RANDRIAMAROLAFY Odile | DGT/DE/SSAE |
| 19. | RASOLOFOMANANA Gerzhino | DEP/SEM |
| 20. | RANAIVOSON Haja | DGT/DDP |

21.	RASAMIRAVAKA Ioby	MEF/DGT/DDP
22.	RAKOTODIMBY	MEF/DEP
23.	RANDRIAMANANA Lova Lisy	DB/SSB
24.	VERONIAINA Mavanasoa Miora	DB/SSB
25.	RANDRIAMIHANTASOA Elio	MEF/DB/SSB
26.	MIHAJARIZAH Paola	DB/SSB
27.	RAKOTONDRAHAJA Maminiana	DB/SSB
28.	RAZAFINANDRIAMANDROSO Voahary	DB/SSB
29.	ANDRIANOMANANA Razafindramavo	DB/SSB
30.	RANDRIANARISON Sitrika Tsitohaina	MEF/PCNM
31.	RANAIVOZANANY Jerry	MEF/DB
32.	RAOELINA Andrianina Soafara	DB/SSPI/ISP
33.	RAMANITRINIONY Misa	DB/SSPI
34.	TSIENGENY Jocelyn	DGEAE
35.	RAHAJAMANANA Jasmin	DGEAE/SGEAE
36.	ANDRIAMARO Rija Tiarison	DGEAE/SGEAE/UC
37.	HARITIANA Marc	MEF/DIRCOM
38.	RAVELONARIVO Tatamo	MEF/DIRCOM
39.	RAKOTOMANGA Tovi Marina	MEF/SG/DGBF/DB/SSB
40.	RASOLOFONANTENAINA José Elysé	MEF/CAB/CT
41.	RAVELOMANANA Tantely	SG/UPF
42.	RAVOAVY Tovo Arison	MEF/CAB/CM
43.	SOJA Randriamanantena	DSE
44.	TIANAMANAMBINA	DGI/DLFC

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana.

I- SAVARANONANDO

Rehefa izany dia nanolotra ny teny savaranonando ny Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nilaza izy fa ny antony nanaovana izao fanitsiana ny tetibola izao dia ny mba hampifandanjana ny vola miditra sy mivoaka satria hita fa tsy tena araka ny nandrasana ny fidiram-bola tamin'ny alàlan'ny hetra tamin'ity taona 2024 ity.

Ahitana fihenana 1775.2 Miliara Ariary ny vola miditra amin'ny hetra sy fadintseranana raha ampitahaina tamin'ny vinavina voalaza tao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolampanjakana, taona 2024.

Noho izany, nahena ny fandaniana satria nihena ny vola miditra tao amin'ny kitapom-bolampanjakana.

Nampitomboina kosa ny famindram-bola (transfert) ho amin'ny sehatry ny Angovo (JIRAMA, secteur pétrolier) izay niakatra 475 Miliara Ariary ary nahitana fihenana ny "**dépenses de soldes**". Vokatry izany, tsy misy ny fandraisana ho mpiasam-panjakana amin'ity taona ity ankoatra ny eo anivon'ny mpitandrofilaminana. Nisy fampidinana ihany koa ny fampiasam-bola na "PIP interne" sy ny "biens et services".

II- **«CADRAGE MACROECONOMIQUE»**

Rehefa izany dia niroso tamin'ny filazana ny «cadrage macroéconomique» ny teknisiana.

Mizara telo ny famelabelarana nentiny:

- Ny toekarena tamin'ny taona 2023
- Ny toekarena taona 2024
- Ny vinavina ho an'ny taona 2025 ka hatramin'ny taona 2028

➤ **Ny toekarena taona 2023**

○ **Seha-pihariana (secteur réel)**

Niakatra 4% ny harinkarena faobe izay hita fa mifanaraka tsara tamin'ny kajin'ny Tetibolam-panjakana taona 2024. Izany dia vokatry ny fiakaran'ny seha-pihariana voalohany ho 6,8% ka nisongadina tamin'izany ny fambolem-bary.

Etsy andaniny, nahitana fiakarana 4,7% ny seha-pihariana faharoa (indostria sy ny famokarana sakafo). Etsy ankilany, hita fa nisy fiakarana ho 4% ihany koa ny seha-pihariana fahatelo vokatry ny fizahan-tany. Ankoatra izay dia nandeha tsara ny asam-pandraharahana ara-bola. Nahatonga ny seha-pihariana fahatelo niakatra koa ny fivoarana teo anivon'ny sehatry ny fifandraisan-davitra vokatry ny fanavaozana ny rijan-teny miendrika didy amantsipika (textes règlementaires) mifandraika amin'izany.

○ **Fitantanam-bolam-panjakana**

- Novinavinaina ho 10,1%-n'ny harinkarena faobe (PIB) ny hetra nampidirina;
- Ny fandaniana manontolo dia 17,1%-n'ny harinkarena faobe;
- Ny fatiantoky ny tetibola dia -4.2%-n'ny harinkarena faobe;
- Ny «Solde Primaire Intérieur» dia: -0.4%-n'ny harinkarena faobe

○ **Seha-pihariana ivelany (Secteur extérieur)**

- «Compte courant»: Ny «déficit du compte courant» dia -4.6%-n'ny PIB raha toa 7,3%-n'ny PIB ny fifandanjana teo amin'ny Kaonty ara-pamokarana sy ny fitantanam-bola (Compte en Capital et Financier);
- 2.6 %-n'ny PIB ny “Solde Global”;
- Ny “réserves de change” dia mitentina 2.64 Miliara Dolara tamin'ny faran'ny taona 2023. Izany hoe manana 5,7 volana ahafahana manafatra entana avy any ivelany isika.

○ **Seha-pihariana ara-bola (secteur monétaire)**

Niakatra 8,6% ny «masse monétaire» izay nahatratra 28,1%-n'ny PIB. Etsy andaniny, niakatra ny fampisamboram-bola ho an'ny raharaha ara-toekarena (crédits à l'économie).

➤ **Ny toekarena ny taona 2024**

○ **Ny fiakaran'ny vidim-piainana**

Araka ny tatitra avy tamin'ny INSTAT dia nahitana fidinana tsikelikely ny tahan'ny fiakaran'ny vidin'entana ankapobeny nanomboka ny volana Martsa 2023 (12,4%). Tafidina 7,3% izany tamin'ny volana Aprily 2024. Raha ny vinavinan'ny Banky Foiben'i Madagasikara dia ho 7,4% ny tahan'ny fiakaran'ny vidim-piainana ny taona 2024 amin'ny ankapobeny raha tombanana ho 8% izany ny faran'ny taona 2024.

- **Seha-pihariana (secteur réel)**

- Ny fitombon'ny harinkarena faobe dia 4,5%
- Ny seha-pihariana voalohany dia 5%
- Ny seha-pihariana faharoa dia 4,5%
- Ny seha-pihariana fahatelo dia 4,6% ka hita misongadina amin'izany ny sehatry ny fizahan-tany ary ny fifandraisan-davitra

- **Fitantanam-bolam-panjakana**

- Fampidiran-ketra: 10.2%-n'ny PIB
- Fandaniana: 16.3%-n'ny PIB
- Fatiantoky ny tetibola: - 4.3%-n'ny PIB
- «Solde Primaire»: 0.3%-n'ny PIB

- **Seha-pihariana ivelany (Secteur extérieur)**

Nahitana fahatsarana ny eo amin'ny seha-pihariana ivelany.

- «Compte courant» -4.5%-n'ny PIB
- «Compte en capital et financier»: 4,7%-n'ny PIB
- «Solde global»: -0,1%-n'ny PIB

- **Seha-pihariana ara-bola (secteur monétaire)**

Heverin'ny Banky Foiben'i Madagasikara fa hiakatra +12,3% ny «masse monétaire», ka hahatratra 28,2% ny PIB. Hiakatra ho 16% ny fiakaran'ny fampisamboram-bola ho an'ny raharaha ara-toekarena (crédits à l'économie) amin'ity taona ity.

- **Ny vinavina ho an'ny taona 2025 hatramin'ny taona 2028**

- *Fanehoana ny tondrozotra «macro économique» ho amin'ny salasala ezaka (moyen terme)*
- 4.5% no fiakaran'ny harinkarena ny taona 2024 ary heverina fa hiakatra hatrany amin'ny 6.8% izany amin'ny taona 2028. Noho izany, hidina tsikelikely ny fiakaran'ny vidin'entana ankapobeny izay tomanana hatramin'ny 5% ny taona 2028.
- Raha ny eo amin'ny sehatry ny vola sy ny fampindramam-bola dia hahitana fidinana hatrany amin'ny 8.5% no fiakaran'ny “masse monétaire” ny taona 2028.
- Mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana indray dia tomanana hatramin'ny 16,3%-n'ny PIB ny hetra hiditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny taona 2028 raha toa 10,2% izany amin'ity taona 2024 ity.
- Ny Fandaniam-bola indray dia 22%-n'ny harinkarena faobe ny taona 2025.
- Ezahana hahidina ho -3.2% ny “déficit budgétaire” amin'ny taona 2028
- Heverina fa hihabo hatrany ny “solde primaire” manomboka amin'ity taona ity.

Tomanan'ny Banky Foibe araka izany fa hihatsara ny toerana misy an'i Madagasikara amin'ny fifandraisana any ivelany.

III- **NY HETRA**

Mizara ho efatra lehibe ny fanazavana mikasika ny fampidiran-ketra anatin'ny dia ny:

- Fivoaran'ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny hetra anatin'ny (RFI);
- Ny Sori-dalana fototra (Grandes orientations);
- Ny fepetra ara-ketra (Mesures législatives);
- Ny Fepetra ara-pitantanana (Mesures administratives).

- **Fivoaran'ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny hetra anatin'ny**

Raha ny tahan'ny fampidiran-ketra anatin'ny dia nahitana fiakarana ny vola miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana nanomboka ny taona 2022 izay miabo ho 12,01% ary novinavinaina ho tafakatra 27,11% izany amin'ity taona 2024 ity. Ny sorabola amin'izany dia notombanana ho 3 647,5 Miliara Ariary ny taona 2022 raha toa 4149,7 Miliara Ariary izany ny taona 2023 ary 4 636,50 Miliara Ariary ny taona 2024. Marihana fa tsy tratra ny vina napetraka tamin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana tamin'ny voalohan'ny taona 2024 ka niteraka izao fanitsiana izao.

Ezaka goavana ho an'ny Fanjakana ny hanatratrarana ny tanjona ho 16,7%-n'ny PIB amin'ny taona 2028.

- **Mikasika ny «grandes orientations»**

Nisy ny fanatsarana natao ka ireto manaraka ireto no sori-dalana fototra tamin'izany:

- Fanamafisana ny fanaingana sy fiarovana ny fidiram-bola, indrindra amin'ny alalan'ny fanamafisana ny rafitra fisorohana sy ny fampihenana ny tataom-pahavoazana amin'ny fahasimban'ny maha olom-pirenena ara-ketra (incivisme fiscal);
- Fanatsarana ny fomba fitondrana sy fitantanana an'ireo mpandoa hetra;
- Fitohizan'ny fitantanana-ketra ara-kajy mirindra na ny "digitalisation";
- Fanatsarana ny fampidiran-ketra sy fampiroboroana ny fandraharahana ara-toekarena.

- **Lalàna ara-ketra (Mesures législatives)**

- Fanaovana ny «enregistrement des traités de fusion» raha toa misy fangatahana safidy ho an'ny fepetra manokana ho an'ny fanakambanana orinasa;
- Fanitarana ny sehatra fampiharana ny lalantsain'ny fifaninanana malalaka mba hahakasika ihany koa ny fifanakalozana anatin'ny ary fanamafisana mikasika ny tokony ho tompon'antoka mitondra porofo araka ny fanitsiana ny fetra famerana ny hetra;
- Fanitsiana ny fepetra mifandraika amin'ny andraikitra fametrahana ireo antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana na ny «prix de transfert»;
- Fampifanarahana araka ny fepetra ho an'ny daholobe na ny «régime du droit commun»-n'ny hetra farafahakeliny aloan'ny mpitantana mpiombon'antoka manana petrabola maro an'isa amin'ny SARL;
- Fandrarana ny fanondranana entana raha toa misy ny tsy fandoavana ny hetra IREX mifanaraka tamin'ny fanondrana entana teo aloha. Napetraka ny fepetra mikasika ireo orinasa mpanondrana entana ka hosaziana izay tsy mandoa hetra ara-dalàna sy tsy mampody ireo vola vahiny eto Madagasikara;
- Fanoritana mazava ny fampiharana ny IMP amin'ny fampanofana trano amin'ny Fanjakana na ohatrinona na ohatrinona no hofan'ny trano;
- Nohatsaraina ny hana ifotoran'ny fandoavana ny IMP na ny «fait générateur» ho amin'ny fotoana anatanterahana ny tsenam-barotra na «exécution du marché»;
- Fampiharana ny IMP amin'ny vola miditra amin'ireo mpikambana tsirairay ao anaty fikambanana ara-barotra na ny «Contrat de consortium»
- Fahafahan'ireo mpandoa hetra tambatra na IS manao filazana ara-ketra amin'ny taom-piasany voalohany ao anatin'ny fe-potoana latsaka na mihoatra ny 12 volana fa kosa tsy mihoatra ny 18 volana;
- Famerana ny zo amin'ny fampihenana ny hetra amin'ny fividianana entana sy ny raharaha atao ho an'izay nanaovana fanambarana na «droit de communication»;
- Fampiharana ny IRCM amin'ny «intérêts des avances de trésorerie intra-groupe»;
- Mikasika ny sara-panoratana (droit d'enregistrement) dia tsy maintsy asiana «paraphe» isaky ny pejy mba hialana amin'izay mety ho hosoka hitranga;
- Fanafoanana ny «droit d'accises» amin'ny fanondranana volamena;

- Fakana hetra 100 Ariary isaky ny litatra amin'ny alikaola sy ny vokatra misy alikaola izay nahazoana vola mitentina 17 Miliara Ariary;
- Fandrotsahana eny anivon'ny «Paierie Générale» eto Antananarivo ny hetra alaina amin'ny zava-pisotro misy alikaola sy nasiana alikaola;
- Fahafahana manaisotra ny TVA amin'ny faktiora nividianana na nananganana trano hatao birao;
- Famerenana ny TVA mitatao amin'ny sandan'ny fananana mifaka mivoaka mialohan'ny fahataperan'ny fahaverezan-bidy;
- Fanatsarana ny fandoavan-ketra amin'ny alalan'ny "mobile money" sy izay efa ankatoavin'ny lalàna misy eto Madagasikara ataon'ireo olona itataovan-ketra na tsia (assujettis/non assujettis)
- Famaizana raha misy ny fandikan-dalàna momba ny andraikitra mikasika ny fanambarana sy ny fitazonana ny rejisitra mifandraika amin'ny mpisitraka tena izy;
- Famerenana ny hetra sy ny fampiharana ny sazy raha toa misy hosoka amin'ny fanangonana TVA amin'ny varotra;
- Fanamafisana ny sazy amin'ny fandavana ny "obligation documentaire du prix de transfert»;

Ankoatra ny fanatsarana ny «Code des Impôts» dia nisy ihany koa ny fanatsarana ao amin'ny «Code des Procédures Fiscales», toy ny:

- Famaritana mazava tsara ny fitsipika ara-ketra aorian'ny taom-piasana voalohany;
- Fandrindrana ireo fepetra mikasika ny filazana sy fanefana ny IMP;
- Famaritana mazava tsara mikasika ny hetra, ny fanambarana sy ny fomba fandoavana ny IMP eo amin'ny fifanarahana "consortium";
- Ny tsy maintsy anaovan'ireo olona rehetra izay miandraikitra ny fandoavam-bola fampitana ny lisitr'ireo mpisitraka tsenam-barotra vatsin'ny fanohanana na fanampiana ara-bola raha toa tsy notapahana am-potony ny IMP mifanaraka amin'izany;
- Ny tsy maintsy anaovana «enregistrement»-n'ny «Convention de Trésorerie»;
- Fametrahana ny «système de facturation en ligne» izay entina hanatsarana ny fidiran-ketra amin'ny TVA (e-facturation);
- Fanamafisana ny dingana ara-panjakana arahina mialohan'ny fampiakarana azy eny amin'ny Fitsarana;
- Fametrahana ny dingana arahina amin'ny "sursis de paiement";
- Fanoritana mazava ny fenitra araka ny lalàna izay mikasika ireo «convention du protocole d'accord» natao niaraka tamin'ireo manam-pahefana eto an-toerana momba ny tsiambaratelon'ny asa.

- **Fepetra ara-pitantanana (Mesures administratives)**

Voalaza ao anatin'ny fepetra ara-pitantanana ireto teboka manaraka ireto:

- Ny fanatrarana ho 50 Miliara Ariary ny vola azo avy amin'ny fitsirihana ara-ketra na "contrôles fiscaux";
- Fanatsarana ny fampidiram-bola amin'ny alalan'ny "Système d'Administration Fiscale Intégré" na SAFI;
- Ahazoana vola mitentina 12,50 Miliara Ariary ny fanaovana ny «suivi des contrats de performance» miaraka amin'ireo «bureaux opérationnels» sy ny DRI;
- Eo ihany koa ny fiantraikan'ny fandoavam-bola "delta" eo amin'ny sehatry ny solitany;
- Ahazoana 30 Miliara Ariary ny fanaovana «suivi de recouvrement de l'IMP» izay mbola tsy voavory tamin'ny taona 2023, ka hezahina tratrarina amin'ity taona 2024 izany;
- Tombanana ho 5,80 Miliara Ariary ny vola miditra amin'ny fampanarahan-dalàna sy ny fitantanana ara-ketra an'ireo sehatra tsy ara-dalàna.

IV- NY FADINTSERANANA

Nahitana fihenana teo amin'ny fandraharahana momba ny fanafarana entana avy any ivelany nateraky ny ady any amin'ireo firenena tatsinanana. Vokatry'izany, tsy tratra ny habantserana novinavinaina ho voaangona tamin'ny efa-bolana voalohan'ity taona 2024 ity. Izany no antony itondrana fanitsiana ny vinavinan'ny habantseranana hampidirina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana amin'ity taona ity ho 3 768 Miliara Ariary raha toa 4 687 Miliara Ariary izany teo aloha; 31% no tahan'ny sokajin-ketra mifandraika amin'ny fanafarana solika raha 69% amin'izany kosa no sokajin-ketra mifandraika amin'ny fanafarana entana ankoatran'ny solika.

Raha tsinjaraina io vinavina mitentina 3 768 Miliara Ariary io dia toy izao izany:

- «Droit de douane»: 847,458 Miliara Ariary
- «TVA à l'importation»: 1 768,341 Miliara Ariary
- «Taxe sur les produits pétroliers»: 307,991 Miliara Ariary
- «TVA sur les produits pétroliers»: 842,757 Miliara Ariary
- «Droit de navigation»: 1,202 Miliara Ariary
- «Autres»: 0,251 Miliara Ariary

Ankoatra izany, nanolotra fanitsiana vitsivitsy mikasika ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana ny teknisiana avy amin'ny Fadintseranana.

- Fanavaozana ny rijan-teny mikasika ny sata ara-padintseranana mifehy ny faritra sy orinasa afak'haba ary fampidirana rijan-teny vaovao momba ny seranan-tsambo misy faritra afak'haba, ka toy izao izany:
 - Araka ny tolo-panitsiana ny andininy faha-4– 2, izay manome alalana ny fananganana “port franc” ao anatin'ny faritry ny fadintseranana.
 - Araka ny tolo-panitsiana ny andininy faha-226 – 2 izay mametraka ho fepetra ny fisian'ny fanomezan-dalana isan-taona na amin'ny fotoana voafaritry momba ireo entana afaran'ireo faritra sy orinasa afak'haba.
 - Araka ny tolo-panitsiana ny andininy 229 Quarter. – 1° f) izay manampy ny satan'ny fadintseranana “réexportation” ho anisan'ireo sata afaka ametrahana ireo entana mivoaka avy amin'ireo faritra afak'haba.
 - Araka ny tolo-panitsiana ny andininy 229 «Sexies». – 3° a) izay nanitsy ny teny «Tsy andoavan-ketra» (en franchise de droits) ho “fanafoanana ny haba sy hetra” (exonération des droits et taxes).
 - Araka ny tolo-panitsiana ny andininy 360. – 2° h) ary i) izay manasokajy ho heloka tsotra ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana kilasy voalohany ireo fandikan-dalàna momba ny fanomezan-dalana voalaza etsy ambony sy momba ny fisahanan'asa ataon'ny faritra sy orinasa afak'haba iray kanefa tsy voalazan'ny fahazoan-dalana nomena azy.
- Fampidirana rijan-teny vaovao manome alalana ny Fadintseranana hanao lavanty any ivelan'ny firenena raha manaraka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-238 Bis. – 1°.

V- MIKASIKA NY FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA (DEPENSES)

Ny mikasika ny fandaniam-bolam-panjakana dia hita fa nihena ny fidiram-bola, kanefa misy koa ny fanampim-bola ilaina ho an'ny JIRAMA sy ny sehatry ny angovo. Ny mety ho vahaolana amin'izany dia na ny fampiakarana ny hetra izay mety hitarika ny fiakaran'ny vidin'ireo entana ilaina andavan'andro na koa ny fanaovana findramam-bola izay tsy maintsy averina anefa ary mety hampiakatra ny hetra any aoriana.

Hita anefa fa tsy afaka mandroso amin'ireo vahaolana roa voalaza etsy ambony ireo isika ka tsy maintsy misafidy ny fampidinana ny fandaniahana ny Fanjakana Malagasy ato amin'ity Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana ity mba hampifandanjana ny vola miditra sy ny fandaniahana.

Rehefa atambatra ny vola miditra rehetra ankoatra ny “Dons en capital” dia nahitana fihenana 1 660.7 Miliara Ariary izany. Tsy maintsy mitady fampidinana ny fandaniahana mitovy amin'io izany isika ka ny “PIP interne” no nampidinana be indrindra, hatramin'ny 1 226 Miliara Ariary; eo ihany koa ny “dépenses du personnel” izay nidina 279,7 Miliara Ariary ary ny “Biens et Services” izay nidina 42,7 Miliara Ariary.

Toy izao ny paikady nampidinana ny fandaniahan-bolam-panjakana:

- Ny «Biens et Services» dia nahena ho 4,96% ho an'ny Andrimpanjakana sy Minisitara rehetra
- Ny «PIP Interne» dia niiba ho 52,4% ho an'ny Andrimpanjakana sy Minisitara rehetra
- Ny fampiatoana ny fandraisana mpiasa mivantana (agents non encadrés) ankoatra ny ho an'ny Foloalindahy, ny Zandary, ny filaminam-bahoaka ary ny fiandraiketana ny fonja

Misy ihany anefa ny tranga manokana:

- Tsy voakasika ny fanitsiana ny fandaniahana mifandraika amin'ny fifidianana (HCC, CENI)
- Tsy voakasika ihany koa ny entana sy fanaovan-draharaha (Biens et Services) eo amin'ny Antenimierandoholona, ny Antenimierampirenena, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary ny Vaomiera Mahaleotena momba ny fifidianana (CENI);
- Raha ny Primatoria no jerena dia nampiharina ny fampidinana 4,96% teo amin'ny ny “Biens et Services”, fa nisy ihany koa famindrana ny fandoavam-bola ho an'ny «police d'assurance ARC» izay nisoratra tao amin'ny “Transfert” tamin'ny LFI 2024 ka nafindra ao amin'ny “Biens et Services”;
- Ho an'ny JIRAMA sy ny sehatry ny angovo kosa, misy fampiakarana 475 Miliara Ariary.

Rehefa izay dia nandray fitenenana ny teknisiana avy amin'ny tahirim-bolam-panjakana

VI- TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA (TRESOR)

«Cadre I»: Tetibolam-panjakana (Budget Général de l'Etat)

Mizara roa lehibe ny tetibolam-panjakana:

- Ny vola miditra raha ampitahaina amin'ny LFI 2024: Mitentina 8 404,5 Miliara Ariary ny vola niditra tamin'ny fampidiran-ketra izay nahitana fihenana 1 775.2 Miliara Ariary, 392,5 Miliara Ariary ny «recettes non fiscales», izay nisy fiakarana 161,2 Miliara Ariary. Ny «Dons en Capital» kosa dia mitentina 1 086 Miliara Ariary izay nihena 1 209 Miliara Ariary noho ny fahitana fa mety tsy ho tratra ny vinavina izay napetraka tao amin'ny LFI 2024;
- Ny fandaniahana raha ampitahaina amin'ny LFI 2024: ny «dépenses de personnel» dia mitentina 4 059,3 Miliara Ariary izay nahitana fihenana 279,7 Miliara Ariary. Ny fampandehanan-draharaha (fonctionnement) kosa dia 2 824,2 Miliara Ariary izay nitombo 251,8 Miliara Ariary. Ny «Intérêts de la Dette» dia 672 Miliara Ariary, nisy fiakarana 16,9 Miliara Ariary. Farany, ny «Investissement» dia 4 520,4 Miliara Ariary

«Cadre II»: Tetibola Fanampiny (Budgets Annexes)

Mizara roa lehibe ihany koa ny «budgets annexes» dia ny ao amin'ny:

- Tranompirintim-pirenena: ny fampandehanan-draharaha (fonctionnement) mitentina 35,5 Miliara Ariary izay nahitana fiakarana 0,4 Miliara Ariary raha oharina amin'ny LFI 2024 satria araka ny tapaka tamin'ny Filankevitry ny Minisitry dia tsy maintsy ao amin'ny Tranompirintim-pirenena no mandray an-tànana ny «droits et taxes à l'importation». Tsy nisy fiovàna kosa ny mikasika ny «investissement» izay mitentina 9,4 Miliara Ariary.
- Paositra Malagasy: ny fampandehanan-draharaha (fonctionnement) dia mitentina 7,5 Miliara Ariary ary tsy nisy fiovàna raha oharina amin'ny LFI 2024

«Cadre III»: Kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana (Comptes Particuliers du Trésor)

Mizara efatra lehibe ny Kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana:

- Ny «Compte de Commerce» dia mitentina 1 035,7 Miliara Ariary. Izany hoe, nahitana fihenana 193,6 Miliara Ariary ny vola miditra sy ny vola mivoaka tao amin'ny «caisse de retraite»;
- Ny «compte de participation» dia mitentina 194,5 Miliara Ariary izay nisy fihenana 6,7 Miliara Ariary teo amin'ny fandaniana;
- Ny «Compte de prêt» izay mitentina 4,2 Miliara Ariary ny vola miditra dia nahitana fiakarana 2,5 Miliara Ariary, ny fandaniana kosa dia mitentina 375,2 Miliara Ariary izay nahitana fiakarana 28,3 Miliara Ariary;
- Ny «Comptes d'Affectation Spéciale» kosa izay mitentina 148,4 Miliara Ariary dia nahitana fitomboana 6,6 Miliara Ariary.

«Cadre IV»: Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fifanampiana avy any ivelany (Opérations sur les Fonds de Contrevaletur)

Tsy nahitana fiovàna ny amin'ny vola miditra izay mitentina 0,3 Miliara Ariary. Ny vola mivoaka kosa dia nidina 7,8 Miliara Ariary raha 12,1 Miliara Ariary ny vina tamin'ny LFI 2024.

«Cadre V»: Ny famadihana ho renivola ny Trosam-panjakana (Opérations en Capitale de la Dette Publique)

Izy ity no mitondra famatsiana ny tsy fahampiana hita eo amin'ny «cadre» miisa efatra teo aloha. Mizara roa ny sokajim-pamatsiana hita:

- Famatsiana anatin'ny: ny «bons du Trésor» dia hovinavinaina ho 1 898 Miliara Ariary ny «souscription» ary 2 535,5 Miliara Ariary ny «remboursement». Ho an'ny «avance statutaire» kosa dia hitentina 386 Miliara Ariary ny «tirages» izay atao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara ary 344,4 Miliara Ariary no «remboursement» tamin'ny taona 2023.
- Famatsiana ivelany: ny famatsiam-bola ny tetikasa (prêt projets) dia mitentina 2488,3 Miliara Ariary. Ny «aides budgétaires» dia 1590,2 Miliara Ariary izay azontsika avy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny FMI. Ny «amortissement de la dette» kosa dia mahatratra 637 Miliara Ariary izay tsy maintsy aloa amin'ity taona ity.

Nambaran'ny teknisiana fa mifandanja tsara ny «Equilibre Budgétaire» satria mitovy tanteraka ny «dépenses» sy ny «recettes».

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

- **FANAMARIHANA**

Tsara ny fanaovana ny “conférence budgétaire” isam-paritra fa tokony hampandrenesina mialoha ireo Solombavambahoaka mba hahafahan’izy ireo manatrika izany.

Taorian’izay dia niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA SY VALINY

- 1- **Araka ny fanazavana nomen’ny teknisiana dia hita taratra fa miakatra ny harinkarem-pirenena, kanefa tsy hita taratra amin’ny fiainam-bahoaka izany. Hazavao.**

Amin’ny ankapobeny ny fiakaran’ny tahan’ny harinkarena faobe dia tsy voatery hita taratra mivantana amin’ny fiainam-bahoaka. Izany indrindra no anaovan’ny fanjakana ezaka amin’ny politikan’ny fampiasam-bola izay miompana amin’ny “transfert monétaire” ho amin’ny sehatry ny fitsaboana, ny fanamboarana lalana ary sekoly. Marihana fa tsy eto Madagasikara irery no misy toe-javatra toy izany fa manerana izao tontolo izao hatrany amin’ny firenena mandroso; na izany aza, mbola mitohy hatrany ny ezaka ataon’ny Fanjakana mba hipaka amin’ny fiainan’ny tsirairay izany.

- 2- **Lazaina fa midina ny fiakaran’ny vidim-piainana kanefa tsy hita eny an-tsena izany. Inona no antony mahatonga izany?**

Tsy hoe mihena ny vidin’entana, fa mihena ny hafaingan’ny fiakaran’ny vidin’entana. Rehefa mihodina ny toekarena dia mifandanja ny tolotra sy ny tinady. Rehefa akambana ny politikam-panjakana dia hita fa nihena ny fiakaran’ny vidim-piainana, fa tsy hoe nihena ny vidin’entana.

- 3- **Raha tsara avokoa ny tao anatin’ny LFI dia inona no antony mbola anaovana ny LFR, kanefa voalaza fa tsy mifanaraka ny fidiram-bola raha mitaha amin’ny fivoaham-bola?**

Tsy tratra ny tanjona napetraka tamin’ny fampidiran-ketra tao anaty kitapom-bolam-panjakana ny telo volana voalohany, ka izany no antony nanaovana izao LFR izao.

- 4- **Hisy ve ny fiakaran’ny vidin-tsolika amin’ity taona ity?**

Raha miakatra ny vidin-tsolika dia miakatra koa ny vidim-piainana. Izany indrindra no nahatonga ny fanjakana nanao “subvention” na fanampiana na dia tsapany aza fa mavesatra eo amin’ny toekarena izany. Etsy andaniny, tokony hampiharina ny fahamarinam-bidy kanefa sarotra izany. Etsy ankilany koa, efa mametraka ny “mécanisme d’ajustement du prix du carburant”, fa tsy hoe fahamarinam-bidy (verité de prix) ny fanjakana malagasy ary manana fotoana aman-taonany hahafahana mampihatra izany ny fanjakana. Raha miakatra loatra ny vidin-tsolika amin’ny sehatra iraisam-pirenena dia tsy maintsy ampiharina ny fahamarinam-bidy. Saingy ny eo anivon’ny Minisiteran’ny Angovo no manapaka izany.

- 5- **Misy fepetra mifanandrify amin’ny orinasa afak’haba (Zones Franches) manafatra entana ve ka manao fanondranana ny zaitra vitany?**

Misy fanaraha-maso ny entana rehetra ary tokony hisy «régime» ny famoahana izany izay ahitana «apurement» avokoa.

- 6- **Ahoana ny mikasika ny karaman’ny Sefo Fokontany, mbola maro no tsy nahazo izany?**

Araka ny tapaka tao amin ny “Conseil des Ministres” dia tokony halefa “mobile money” amin’izay ny karaman’ny Sefo Fokontany. Misy ny fiaraha-miasa amin’ireo «opérateurs

téléphoniques» amin'ny fandefasana ny karaman'ireo Sefo Fokontany ary misy fanaraha-maso sy fanamarinana maromaro tsy maintsy atao amin'ny fanatanterahana izany. Mikasika ireo toerana tsy misy «réseau téléphonique» kosa, mbola mijanona ho «billetage» hatrany izany.

7- Inona no fepetra raisin'ny Fadintseranana manoloana ny entana simba?

Tsy ny Fadintseranana irery no voakasika eto, fa miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ka manao «constatation des infractions» aloha ny Fadintseranana ka manenjika izay «infraction douanière» hitany. Ny ankoatr'izany dia ny Minisitera tomponandraikitra no manenjika azy.

8- Nitombo ny isan'ny Solombavambahoaka ka ahoana ny momba ny volan'ny CIAD?

Mandritra ny “exécution budgétaire”, raha toa hita fa misy ny tsy fahampian'ny sorabola dia misy ireo “instruments” efa voafaritry ny lalàna ahafahana manampy izany.

9- Inona no olana tsy mampandeha ny «Fonds Routier»? Mahavaha olana ve ity PLFR ity?

Ny “fonds routier” dia “organisme public”, ny volan'ny “fonds routier” no mipetraka ao amin'ny tahirim-bola ny fandania rehetra ataony dia tsy miankina amin'ny Tahirim-bolampanjakana, fa misy ny “agent comptable du fonds routier». Miandry ny fankatoavana ny fandoavam-bola fotsiny ny Tahirim-bolampanjakana amin'ny famoahana ny vola mikasika izany. Marihana fa efa misy ireo nahazo “autorisation” taorian'ny fitsirihana natao ary efa eo ampandrindrana izany ny tomponandraikitra isan-tsokajiny. Mbola misy ihany koa ireo izay mbola tsy nahazo fankatoavana taorian'ny fitsirihina.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandania isan'andiny momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 Mey 2024 «Portant Loi de Finances Rectificative» ny mpikambanana tao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Andininy Voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-7: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-9: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-10: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-11: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-13: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-16: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-18: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-19: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-21: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-23: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-24: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana tamin'ny ankapobeny ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 Mey 2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2024, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Sabotsy 8 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa TSARADIA Marco, tamin'ny namakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory, ka ny Solombavambahoaka aloha no manao izany voalohany ary aorian'izay vao ny avy ao amin'ny Governemanta.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, nanambara fa nisy fanontaniana napetrany nandritry ny asam-baomiera kanefa tsy hita tao anaty tatitra izay novakiana teo. Nangataka tamin'ny Governemanta ny tenany mba hizara boky kely momba ny fampiasam-bolam-panjakana isaky ny Distrika mba hanamorana ny fanaraha-maso ny vola mivoaka.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, kosa nanambara fa manana fanamarihana maromaro ny tenany saingy tonga dia hatolony an-tsoratra any amin'ny teknisiana izany mba tsy handaniana fotoana be loatra.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana momba ny tatitra intsony ny mpivory dia nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2024.

Nanamarika, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha nandray fitenenana fa tokana ihany no antony nanolorana ity Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024 ity dia ny hisian'ny fampifandanjana ny vola miditra sy ny vola mivoaka ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Hita tokoa mantsy fa nahitana fihenana 1775,2 Miliara Ariary ny vola niditra tamin'ny hetra sy fadintseranana raha ampitahaina tamin'ny vinavina ny LFI 2024 teo. Eo anatrehan'izay fihenana izay, roa no safidy nisy. Voalohany, fanatsarana ny fampidiran-ketra na ny fanesorana ny fanalefahana ara-ketra misy.

Tsy azo idirana anefa izany safidy izany satria ny fanalefahana ara-ketra momba ny vary no ambony indrindra ary mbola tsy vonona hiroso amin'izany ny Governemanta. Noho izany, ny safidy faharoa no nidirana dia ny fampifandanjana ny vola mivoaka amin'ny vola miditra. Izany hoe, nahena ny vola mivoaka mba hitovitovy amin'ny vola miditra. Izay no antony nanolorana ity Volavolan-dalàna nasiam-panitsiana ity

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny famelabelarana natolony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Nanambara Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa nandritry ny roa andro no nandinihan'ny Solombavambahoaka sy ny teknisiana avy ao amin'ny Governemanta ity Volavolan-dalàna ity ary voadinika tsara ny pitsopitsony rehetra. Noho izany, nangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny tsangan-tànana amin'ny handaniana izany ny tenany mba tsy hanariana fotoana lava loatra.

Andriamatoa RAMARSON Bonaventure kosa nanamafy fa efa hita avokoa ny votoatin'ity Volavolan-dalàna ity ka tokony hiditra avy hatrany amin'ny tsangan-tànana ny mpivory araka ny voalazan'ny namana teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa SAID ZAKANIAINA MAHAFALY JOSEPH, nanamarika fa tsara rafitra ity Volavolan-dalàna ity ary tena niasa ny Vaomiera nandinika azy nandritra ny roa andro. Nambarany koa fa maneran-tany no nisy fiakarana ny vidin'entana eny an-tsena fa tsy teto Madagasikara ihany taorian'ny fiparitahan'ny valan'aretina "Covid-19". Noho izany, nangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny tsangan-tànana ny tenany tahaka ny nataon'ny namany teo aloha.

Nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina ary nangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny tsangan-tànana satria mitovitovy avokoa ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka teo raha dinihana.

Fisaorana ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola ary ireo teknisiana avy ao amin'ny Governemanta nandritr'izay 5 taona niarahana niasa izay no nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, raha nandray fitenenana ny tenany. Nanentana ny Solombavambahoaka ihany koa izy mba handany ity Volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa tsy dia misy tokony hovalian-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola loatra ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka teo ka tonga dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andinin'ny mpivory.

Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

- Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany.

- Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-2.

- Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-3.

- Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4.

- Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-5.

- Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-6.

- Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-7.

- Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-8.

- Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-9.

- Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-10.

- Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11.

- Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-12.

- Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-13.

- Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-14.

- Andininy faha-15: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-15.

- Andininy faha-16: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-16.

- Andininy faha-17: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-17.

- Andininy faha-18: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-18.

- Andininy faha-19: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-19.

- Andininy faha-20: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-20.

- Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-21.

- Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-22.

- Andininy faha-23: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-23.

- Andininy faha-24: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-24.

Taorian'izay, nambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanpahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, indray ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana izay mamaritra ny fandaniahana ny tetibolam-panjakana no hampiharina. Koa ezahana ny hampihatra izany amin'ny antsakany sy andavany.

Mikasika ny **“Fifandanjana ankapoben'ny Volavolan-dalàna momba ny lalànan'ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2024 (Equilibre Général du Projet de Loi portant Loi de Finances Rectificative pour 2024)** (andininy faha-4 sy faha-15 ao amin'ny votoatin'ny Volavolan-dalàna ny antsipiriany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fifandanjana ankapoben'ny Volavolan-dalàna momba ny lalànan'ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2024 **(Equilibre Général du Projet de Loi portant Loi de Finances Rectificative pour 2024)**.

Momba ny **“Hoentimanan'ny Minisitery sy ireo fandaniahan-pamokarana” (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées)** (andininy faha-5 ao amin'ny votoatin'ny Volavolan-dalàna, hita ao amin'ny **“TOME II”** ny antsipirihany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Hoentimanan'ny Minisitery sy ireo fandaniam-pamokarana (**moyens des Ministères et les autres dépenses affectées**).

Mikasika ny **“Fitsinjarana isaky ny Minisitery sy Andrimpanjakana ary ny zanabolan-trosa” (Répartition par Institution et Ministères)** (andiny faha-6 ao amin'ny votoatin'ny Volavolan-dalàna ny antsipiriany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fitsinjarana isaky ny Minisitery sy Andrimpanjakana ary ny zanabolan-trosa (**Répartition par Institution et Ministères**).

Mikasika ny **“Tetibola anankina ho an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, Tetibola anankina ho an'ny Tranomprintim-pirenena, ny fampiasana ny Kaonty Manokana ny Tahirim-bolam-Panjakana” (Budget Annexe des Postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les Opérations des Comptes Particuliers du Trésor)** (andiny faha-9,10,11 ao amin'ny votoatin'ny Volavolan-dalàna ny antsipiriany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny tetibola anankina ho an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, Tetibola anankina ho an'ny Tranomprintim-pirenena, Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-panjakana (**Budget Annexe des Postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les Opérations des Comptes Particuliers du Trésor**).

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihan'Andriamatoa Filoha, fa ny andiny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 64 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 Mey 2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola manan-kambara.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, no nataon-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola, raha nandray fitenenana ary maniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Antenimierampirenena sy ny Governemanta koa ny tenany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa ny Talata 11 Jona 2024, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinika ny "Proposition de Loi organique n°001-2024/PL° complétant et modifiant l'article 82, alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi Organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature, Présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu dans le District d'Antananarivo V.

Ny Talata 11 Jona 2024, amin'ny 9 ora, maraina ihany; asam-baomiera handinika ny «Proposition de Loi n°002-2024/PL° modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par le député TSARADIA Marco.

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa hisy ny asam-baomiera handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'Aménagement du Fly-over (Maki) croisement entre la Route (Francophonie) et le Boulevard de l'Europe, conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA).

Amin'ny 5 ora, hariva, hisy ny asam-baomiera handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293) - East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER), conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Niato tamin'ny 12 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

